

ALAHADY V - PAKA – TAONA A 2023



« Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray afa-tsy amin'ny alalako » (Jo. 14: 6)

Ry Kristianina havana, matetika isika eo amin'ny fiainantsika no very hevitra noho ny zavamisy, mety sahiran-tsaina tokoa ka manontany tena hoe : mbola misy ve izao Andriamanitra izao, aiza ny lalan-kombàna, aiza ny hiafarana ? Very fanahy mbola velona isika matetika. Ary raha misy fotoana tena hivolagnantsika fa indrindra miatrika izao krizy mafy ary maro lafy iatrehantsika izao ity dia ny hafatra sy fehin-kevitra navoakan'ny Vaomiera Episkopaly mikasika ny Justice et paix teo no mampisongadina an'izany.

Androany Alahady fahadimy amin'ny Paka dia abaribarin'ireo vakiteny fa ho an'izay mandray an'i Jesoa eo amin'ny fiainany dia Jesoa mpiara-belona, I Jesoa nitsangan-ko velona, nandresy ny ratsy ary anisan'izany ratsy izany izao krizy izao dia tsy mandeha irery izy fa miara-dalana aminy I Jesoa satria tsy Andriamanitra lavitra ny Andriamanintsika fa Andriamanitra lavitra

no Andriamanitsika fa Andriamanitra miara-dalana amintsika. Antritrantrerina izany niany fa lalana Izy ka tsy tokony ho very isika na dia mafy aza sy manahirana ny dia. Tsy vitany hoe Lalana Izy, hoy izy, fa fahazavana manilo izay lalana izay na dia toa maizina aza tsy hita izay aleha. Noho izany raha miaraka Aminy sy manaiky

tarihiny dia tsy ho very na oviana na oviana satria akaiky antsika Izy. Mbola ampiany koa hoe Izaho no fahamarinana, izany hoe misy fototra tsara sy tena maharitra ary tsy ho voahozongozona izany ny manao ny marina. Izany no mahatonga antsika mamerimberina raha tiantsika ho tafavoaka amin'izao krizy izao dia tsy maintsy marina isika. Mila mibebaka

Vakiteny I : Asa 6, 1-7

Tononkira : Sal. 32,

Vakiteny II : 1 Pi. 2, 4-9

Evanjely : Jo. 14, 1-12

amin'ireo fiainana mametraka ny lainga sy ny fitapitaka ary risoriso ho filamatra isika. Marina araka ny tenindrazana hoe "fisaka ny rariny ka saro-tadiavina". Ho azy ireo izany satria mbola somambisamby ny marina tamin'izany fa isika izao kosa manana an'i Kristy Fahamaranana ka i Kristy no marina izany hoe izay kristianina sy izay olona tsara sitrapo mikatsaka an'izay marina izay dia manana modely dia i Kristy. Ohatra gandhi, tsy kristianina izy kanefa namaky ny Evanjely ka nahatsapa fa modely amin'ny fahamaranana i jesoa. Sady lalana no fahamaranana i Jesoa no fiainana izany hoe hasambarana feno..

Ireo no foto-pampianarana amin'izao Alahady faha-5 izao araka ny voalazantsika isaky ny Alahady dia toe-piainan'i Jesoa no tian'ny Eglisy ho tsapantsika ahafahantsika mivelona ny Paka. Ankoatr'izay dia ity Evanjely androany ity no vakina matetika amin'ny fotoana fandevenana satria raha mahita ireo havantsika lasan'Andriamanitra isika ka miatrika ny vatana mangatsiaka dia very saina mametra-panontaniana hoe : izao ve no ho fiafarana ? Ireo Apostoly koa dia niaina izany tebiteby izany rehefa nanambara ny fahafatesany i Jesoa. Feno tebiteby indrisy ny fiainantsika matetika ary indrindra tato ho ato ary fantatr'i Jesoa miaradalana amintsika izany. Io no nahatonga Azy nilaza tamin'ny Apostoly hoe : "aza mitebiteby ianareo, aoka tsy hitebiteby ny fonareo, minoa an'Andriamanitra".

Miantefamantsika androany koa io Teniny io : "*Minoa an'Andriamanitra*". Io no azo lazaina tena lakile ahafahantsika mahatakatra izay voalazan'i Jesoa eto amin'izao alahady fahadimy izao izany hoe ny maha lalana sy fahamaranana ary fiainana . Io ny fanalahidy ahafahantsika mahazo ny hafatra rehetra atolotr'ireo vakiteny telo niany. Inona marina ny dikan'ny atao hoe "mino" fa indrindra miatrika ireo zava-mitranga eo amin'ny fiainantsika fa indrindra izao krizy izao. Raha ny fampianaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny atao hoe "mino" dia mihaino. Mihainoa Ry Israely.... Avy nankalaza ny Mpiandry ondry tsara isika ka naverin'i Jesoa Ilay Mpiandry Ondry tsara ny hoe "ny Ondriko dia izay mihaino ny feoko"... Raha izany rehetra izany no jerena dia ny fihainoana an'Andriamanitra no atao hoe "mino", izany hoe manatanteraka ny hafatr'Andriamanitra henonao, mivelona ny sitrak'Andriamanitra. Koa raha mino isika fa mpiara-belona amintsika Andriamanitra, na dia maro aza ny zavatra mety manahirana antsika, ny tebiteby atrehintsika, ny zavatra mampijaly antsika, ny fahorianana, na dia eo aza ny rivotra mifofofofo mitady handrava ny fiainantsika toa ity krizy atrehintsika ity raha apetrantsika eo anivon'ny fiainantsika i Jesoa, raha i Jesoa no ekentsika ho mpiara-belona amintsika, ka mihaino azy ankitiny dia matoky sy mahafantatra isika fa manamboatra ny toerana ho antsika zanak'Andriamanitra Izy. Tsy "encombré" amin'ny zavatra maro ny fontsika ka manatanteraka ny sitrapony isika ary dia hanamboatra ny fiainantsika izy. Io ilay averintsika matetika : raha manao ny asan'Andriamanitra isika izany hoe manao sitrapon'ny Ray izay naniraka an'i Jesoa, mihaino ny feony, dia Izy Andriamanitra hanao ny asantsika izany hoe hanamboatra ny fiainantsika, hanarina ny Tranobe lombonana... Matetika anefa tsy manao ny asan'Andriamanitra isika olombelona ary dia hitantsika ny vokany amin'izao. Matetika isika tsy mihaino ny feony ka io no mahatonga ny fiainantsika mikorosy fahana.

Tsy fitadiavana toerana ny finoana fa fametrahana ny anjara toerana maha zanak'Andriamanitra an'i Jesoa. Raha ny marina izany dia i Jesoa no manamboatra ny toerany ao amintsika, "*hanamboatra toerana ho anareo aho, ka izay misy ahy no hisy anareo*", aoka àry hoesorintsika hiala ireo "encombrement" rehetra. Aoka ho Izy Andriamanitra no tompon'ny fontsika ka ny fontsika amin'izay dia ho fon'Andriamanitra, izay hiainantsika eto an-tany no hiainantsika koa any an-danitra.

Nilaza i Jesoa hoe : "IZAHO NO LALANA SY FAHAMARINANA ARY NY FIAINANA". Mamakivaky an'ity fiaianana ity isika ka izay misy an'i Jesoa no misy antsika. Ny tadiavin'i Jesoa dia isika mahalala ny alehany, tahaka ny navaliny an'i Tomà hoe Izy no lèlana sy fahamarinana ary fiaianana, Izy sy ny Ray dia iray ihany.

Izany no maha-mpiara-belona Azy ho antsika satria ao amintsika Izy, ao amintsika koa ny Trinite masina satria olo araiky amin'Andriamanitra isika. Na dia mafy aza ny rivotra amin'izao tontolo izao, na dia mafy aza ny fakam-panahy dia mitari-dàlana antsika i Jesoa, raha mino Azy isika dia hanao ny asa maha-zanak'Andriamanitra antsika isika. Izany no vokatry ny batemy eo amin'ny fiaianantsika, entanin'ny Fanahy masina isika ka afa-manentana ny hafa koa, tsy ho very izay miaraka amintsika satria marina ny fiaianantsika, olona afaka isika. Izay manao ny marina no hendry, izany no tadiavin'i Jesoa amintsika. Tsy hoe mandeha ho azy ny fiaianantsika fa raha eo anivontsika Izy dia miaraka Aminy isika mandavorary ny fiaianantsika. "*Aoka ho lavorary ianareo tahaka ny fahalavorarian'ny Ray*". Entanin'ny Fanahy masina isika, entanin'ny fanilovan'ny Tenin'Andriamanitra ary ankaherezin'ireo sakramenta izay manamasina ny fiaianantsika sy ny finoantsika "*Katolika vita batemy aho, manome hasina ny finoako*". Izany ny vokatry ny PAKA eo amin'ny fiaianantsika. Izany ny vokatry ny ezaka ataontsika mamenno ireo sajoa saota araka ny hafatr'i Masina Maria amintsika : "Ataovy izay lazainy aminareo" izay azo adika hoe "henoy tsara anaka ny teny ataony aminareo". Volan'i Masina Maria isika izao. Miaraka amin'i Papa manao Raozery isika ka aoka samy hiezaka mafy hameno ireo sajoa saota : mivavaka , mandalim-pinoana , manompo, mandray an-tanana, mivory ary mankalaza. Fivelomantsika ny Sinaody tokoa ny ezaka ataontsika mamenno ireo sajoa. Manao asan'Andriamanitra isika amin'izany. Tsy inona fa isika manao marina sy mahafoy ary manompo dia manavao indray ny fifandraisana na amin'ny zava-boary na amintsika samy isika na amin'Andriamanitra. Io fanavaozantsika ny fifandraisana io no asan'Andriamanitra ary fanarenana indray ny Tranoben'Andriamanitra

Voalaza ao amin'ny vakiteny faharoa fa "*Taranaka voafidy, mpisorona manjaka*" isika satria efa ao amintsika ny asan'ny Fanahy masina ka afaka manolotra fanatitra ara-panahy ankasitrahin'Andriamanitra isika. Entanin'izany Fanahy masina izany isika ka ny fiaianantsika manontolo no fanatitra ho an'Andriamanitra.

Ny vakiteny voalohany manambara fa nisy ny fifandaminana natao teo anivon'ny Eglisy rehefa nisafidy ireo olona hanatanteraka ny asa fanasoavana ireo apostoly. Izany no anton'ny

nifidianana ireo diakra 7 lahy. Tsy hoe hanompo ny apostoly ireo Diakra ireo fa kosa manana asa sy andraikitra ao amin'ny Eglizy ka fampianarana velona ho antsika io taratasin'ny Apostoly io. “*Tsy mety raha ilaozanay mitandrina ny sakafo, ny fampianarana ny tenin'Andriamanitra. Koa amin'izany, ry rahalahy havana iray finoana, mifidiana fito lahy eo aminareo, izay tsara laza sady feno ny Fanahy Masina sy fahendrena, mba hametrahany izany raharaha izany; ary izahay kosa hikely aina amin'ny fivavahana sy ny fitorianteny*”..... *Narosony teo anatrehan'ny Apôstôly izy ireo, ka nametrahany tanana nony efa vita ny fivavahana. Dia niely ny tenin'Andriamanitra, nihamaro be dia be ny mpianatra tao Jerosalema, ary betsaka koa ny mpisorona nanaiky ny finoana.*”

Hamarinin'ny vakiteny voalohany amin'izao Alahady faha-5 amin'ny Paka izao fa miroso amin'ny tena fiainana andavanandro ny Eglizy ka io no mahatonga antsika milaza ny fampitraphaofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro izay mampiseho ny maha-kristianina antsika. Fampiharana ireo voalaza teny am-boalohany izany dia ny fandraisana an'i Jesoa lalana, fahamarina ary fiainana. Izany no ezaka ataontsika amin'izao Sinaody izao hahatonga antsika tokoa ho EGLIZY VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Mpiara-belona amintsika i Jesoa, mpiara-belona amintsika ny Eglizy, mizara ny manta sy masaka ao amin'ny Eglizy kely dia ny fianakaviana, ao amin'ny Eglizy iraka ary ny Eglizy fiombonana isika.

Miainga avy amin'ny Eglizy kely ny fiainana maha-Kristianina antsika, ao no hivelomantsika ny finoana, izany no nahatonga ireo apostoly nametraka io fifandaminana io izay mbola lovà̄n'ny Eglizy hatramin'izao.

Tamin'ny Alahady fahaefatry ny Paka lasa teo dia nahatsiaro ireo mpanara-dia akaiky an'i Jesoa dia ny Papa, ny eveka, ny pretra, ny diakra isika. Nivavaka isika mba ho mpanompo mahatoky izy ireo.

Enga anie izahay ry JESOA TOMPO ho vonona mandrakariva hamaly ny antsom-pitiavanao izahay, hanompo ny Eglizy, hanompo ireo manodidina anay fa indrindra ireo izay sahirana, hahafoy tena, hivelona ny marina. Ampio izahay hahay hampitraotro ny finoana sy fiainana andavanandro hampiseho fa Ianao tokoa no lèlana sy fahamarinana ary fiainana mba ho tanteraka ny vavaka ataonao hoe : “mba ho iray anie izy rehetra” ka Olo Araiky izahay Jiaby ho Mpiray Tampo, ho fratelli Tutti. Hampanjaka tokoa ny fahamarinana, ny rariny sy ny hitsiny ka hivelona ao anatin'ny fiadanana marina anie izahay mba ho fanehoam-pitiavana Anao. Masina Maria Renin'i Jesoa tantano ny dianay ho any amin'i Jesoa mandrakariva. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy erantany mivavahà ho an'ny fianakaviana jiaby mba ho Eglizy kely tokoa ka eo anivony anie i Jesoa Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson